RAHARAHA THOMAS RAZAFINDREMAKA MPIARO NY ZON'OLOMBELONA : VALANDRESAKA NATAON'NY SOLONTENAN'NY FIKAMBANANA GTZ (GNY TO TSY MBA ZAINY NA ( NY MARINA TSY MBA MATY) SY NY MPIARO NY ZON'OLOMBELONA AVY ANY IHOSY (IHOROMBE) SY BETROKA (ANOSY) ARY SAKARAHA (ATSIMO ANDREFANA) izay niarahany tamin'ny PFNOSCM VOHIFIRAISANA sy ny HETSIKA ROHY

Androany Alarobia 26 feboary 2020 dia nanatanteraka valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ny Solontenan'ny Fikambanana GTZ (Gny To tsy mba Zainy na ny Marina tsy mba Zandriny) sy ny Mpiaro ny Zon'olombelona avy any Ihosy (Ihorombe) sy Betroka (Anosy) ary Sakaraha (Atsimo Andrefana) izay niarahany tamin'ny PFNOSCM Vohifiraisana sy ny Hetsika ROHY momba ny fanagadrana an'i Thomas Razafindremaka Emile izay Filohan'ny Fikambanana GTZ. I Thomas moa dia mitarika ny Vaomieran'ny Fiarovana ny Zon'olombelona eo anivon'ny hetsika ROHY ary isan'ny mpitarika ny Vovonam-paritry ny firaisamonim-pirenena Voifiraisana ao Ihorombe. Heverin'ny Firaisamonimpirenena fa ohatry ny entina hampanginana sy hanorohoroana ireo olona vitsy sisa mba mijoro miaro ny marefo manoloana ny tsy rariny ny antsojay ara-pitsarana mianjady amin'i Thomas. Hafatra dimy (05) mafonja no nivoitra tamin'ny valan-dresaka :

1) Olona amin'arivony (mihoatra ny 2000) tsy manan-kianteherana no mikambana ao amin'ny GTZ any amin'ny faritra 4 any atsimo iasany dia Ihorombe, Anosy, Atsimo Andrefana ary Haute Matsiatra izay saika tantsaha eny ifotony tena marefo no mamorona azy. Tsy misy entimanana ireo olona ireo ary miraviravy tànana manoloana ny fanararaotam-pahefana sy ny kolikoly mianjady aminy amin'ny lafiny maro fa indrindra ny mahakasika ny halatr'omby, ny vonoan'olona, ny fibodoana ny tany, ny fanimbazimbana ankizy, sns. Ny GTZ izay tarihin'i Thomas no hany mba nanabe azy ireo momba ny zon'olombelona ary koa miaro azy amin'izay mety ho fanitsakitsahana ny zony. Na marobe aza ny olona voakasika sy malahelo noho ity raharaha ity dia fampianarana novoizin'i Thomas ny hiatrika ny fiarovana ny zon'olombelona tsy amin'ny herisetra fa amin'ny rariny sy ny hitsiny ao anatin'ny lalàna nefa tsy anaty hena-maso. Tohanam-potsiny izy ireo tsy hitroatra ankehitriny ka sanatria hanao fitsaram-bahoaka satria nanabe azy ireo Thomas hanohitra izany fihetsika izany na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Miandry vokatra rizareo izay iray ihany : ny hivoahan'i Thomas .

2) Manizingizina ny GTZ sy ny mpiaro ny zon'olombelona any amin'ny faritra fa efa taona maro i Thomas no niaro ny vahoaka madinika amin'ny fanararaotam-pahefana sy ny kolikoly ataon'ireo Tompon'andraikitra sasantsasany eo anivon'ny Fitsarana sy ny Mpitandro ny filaminana any amin'iny faritra atsimo iny. Ary ireo izay miara-dia aminy dia mahafantatra tsara fa lehilahy mijoro amin'ny fahamarinana ary tsy tia ary mankahala kolikoly i Thomas. Efa tsapa araky ny tenin'ny Ministra vaovao fa manjaka ny kolikoly sy ny namanamana eo anivon'ny Fitsarana ary ny any Ihorombe, araka ny fitorohana teo anivon'ny Ministera nataon'i Thomas ary hamafisin'ny GTZ, dia tena isan'ny mampikaikaika ny maro. Mamporisika ny Tompon'andraikitra faratampony ny Firaisamonim-pirenena mba handraisana fanapahan-kevitra sy fepetra hentitra ny fanatsarana ny fitsarana sy ny fitandroana ny filaminana any amin'iny faritra iny.

3) Isan'ny tranga sy ady hiarovan'i Thomas ireo tantsaha madinika ny fanakanana ny mpanararaotra amin'ny fikasana haka ny tanin'ny olona eny ifotony amin'ny fambolena midadasika sy fitrandrahana isan-karazany. Mety ho fifandrifian-javatra ve sa ahoana satria ny ampitson'ny nidiran'i Thomas am-ponja dia tonga ny fitaovana lehibe entin'ny Tozzi Green hiasana ny tanin'ny olona eny ifotony tao Ambatolahy saingy notoherin'ny Fokonolona izany ka saika

niteraka korontana. Io dia hamerenanay sy hanamafisanay Firaisamonim-pirenena fa tsy voahaja mihitsy ny fakan-kevitra faobe sy ny lafiny ara-tsosialy, ara-tontolo iainana amin'ny fampiasam-bola momba ny fitrandrahana ny harena vojanahary sy an-kibon'ny tany ary ny fampiasana ny tany midadasika na ho an'ny fambolena na ho an'ny fanorenana foto-drafitr'asa na indostria. Saika safosafoina na atao an-tsirambina amin'ireo tompon'andraikim-panjakana sy ny olom-boafidy eny ifotony toy ny sollombavambahoaka, ny Ben'ny tanàna sy ny Mpanolo-tsaina ny fakan-kevitra fa voahilika tanteraka ny olona eny ifotony maro an'isa iharan'ireo tetikasa fampiasam-bola ary tsy mahita tombontsoa amin'izany. Ambetin-tenin'ny Tantsaha malahelo eny ifotony ny hoe « *tsy mampaninona ary tsy mangataka ny hisitraka ny vary mora izahay fa rehefa mbola eo ny tany hamokaranay dia afaka miasa izahay mamelona ny tenanay sy ny fianakavianay ary mampandroso ny fiaraha-monina misy anay* ». Izay no mahatonga ny Firaisamonim-pirenena miara-misalahy amin'ny Fanjakana sy ny Ministera amin'ny fanovaozana ireo lalàna maro toy ny « lalana momba ny harena an-kibon'ny tany (Code minier) » sy ny « lalàna fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny zava-misy ara-tsosialy sy ara-tontolo iainana (MECIE) ».

4) Ny Firaisamonim-pirenena dia manaiky fa tsy misy ambonin'ny lalàna nefa tokony hajaina ny zo hananana fitsarana marina sy tsy mitongilana. Averina fa angatahanay noho izany ny famindrana hanatanterahana ny fitsarana an'i Thomas aty Antananarivo. Maro amin'ireo Mpisehatra any amin'ny fari-piadidian'ny faritany Toliara sy Fianarantsoa no voatohitohina noho ny fitarainana sy fitorohana nataon'i Thomas ka ahiana fa mety hitongilana ny fitsarana raha toa any an-toerana ihany no atao.

5) Mitaraina mafy ny olona maro eny ifotony satria efa vitsy sisa ny olona sahy mijoro toa an'i Thomas ka manao vy very ny ainy ho fiarovana ny madinika kanefa anaovana antsojay. Raha samborina, rahonana sy tampenam-bava ary raisina ho toy ny jiolahy ny mpiaro ny zon'olombelona dia ahiana mafy hitombo izay tsy izy ny fanararaotam-pahefana ary hisy fiatraikany betsaka amin'ny tsy fandriampahalemana ka hanampy trotraka ny faharefoana sy ny fahantrana efa mianjady amin'ny tantsaha eny ifotony izany. Ny fisamborana ny dahalo mpanani-bohitra hitarain'ny olona andro aman'alina no tokony imasoan'ny mpitandro filaminana fatratra fa raha olona Mpiaro ny Zon'olombelona sy tsy miala andraikitra toa an'i Thomas dia azo nantsoina fotsiny dia tonga teny anivon'ny Biraon'ny mpitandro filaminana.

Mamerina manainga indray izahay ireo Tompon'andraikitra voakasika isan-tsokajiny (Governemanta, Ministera, Faritra) sy ireo mpiara-miombon'antoka na eto an-toerana na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena indrindra fa ny sehatra fiarovana ny Zon'olombelona mba hijery sy hanaraka akaiky an'ity raharaha fanagadrana heverinay tsy an-drariny an'i Thomas Razafindremaka mpiaro ny zon'olombelona ity.

Raha ny sori-dalana nomen'ny Filoha hanatsarana ny Fitsarana ka hanenana ny fitazonana vonjimaika any am-ponja dia tokony hahazo fahafahana sy esorina any am-ponja i Thomas mandram-piandry ny fitsarana atao aminy.

Mankahery antsika olompirenena an'arivony any amin'ny Faritra Ihorombe sy Atsimo rehetra ary ny Fikambanana GTZ fa tsy anaram-poana ilay hoe « Gny To tsy mba Zainy ». Miara-misalahy isika mba tena hivoaka sy handresy ny marina amin'izao raharaha izao.

Misaotra antsika rehetra na ny tany Ihosy sy any amin'ny Faritra na ny aty amin'ny sehatra nasionaly (ROHY, PFNOSCM) na ny sehatra iraisam-pirenena izay (FRONT LINE DEFENDERS, AMNESTY INTERNATIONAL) efa nandray andraikitra.